Piccole Suore Missionarie della Carità
(Don Orione)
Casa generale
Via Monte Acero, 5 – 00141 Roma
www.suoredonorione.org

"Maria, Ianao no varavaran'ny Fiaviana!"

Ry RAHAVAVY MALALA,

"*Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo ny hafaliana amam-piadanana rehetra amin'ny finoana, mba hitomboanareo fanantenana, nohon'ny herin'ny Fanahy Masina"* (Rm 15,13).

Amin'ny alalan'izay firarian-tsoan'i Md Paoly sy fanantenana izay no tiako hiarahabana anareo tsirairay amin'izao fotoana hiomanantsika hankalazana ny mistery lehiben'ny Fahatongavan'i Kristy ho nofo izao.

Tonga eto am-baravaran'ny Fiaviana isika no sady mbola mahatsapa ny fahaveloman'ilay rivo-panantenana niainana tamin'ireo Assemblée isan'ambaratongany, fa indrindra moa ilay Assemblée générale nifarana tsy ela akory izay tany Buenos Aires. Noho izany antony izany indrindra no nieritreretako mba tsy hamelana ho very izao fotoana sarobidy sy manan-tantara izao, ka hanakambanana ny taratasy ho an'ny Fiaviana amin'ny fanolorana ireo ventin-kevitra farany vokatry ny Assemblée générale, hodinihin'ny PSMC rehetra, singa sasantsasany manan-danja sy antoky ny fahavelomana ho antsika.

Mazava loatra fa ny fandinihana hataontsika dia manankarena noho ireo vanim-potoana goavana izay mampitodika ny fiainantsika amin'ity taona 2015 ity, izay efa antomotra tokoa dia: ny taona ho an'ny olom-boatokana sy ny Jôbily faha-100 taona niorenan'ny Fikambanantsika.

Izany rehetra izany dia mitarika ny fontsika ho amin'ny làlan'ny fanantenana, ny hafaliana, ny fahalalahan-tànana sy hafanam-po vaovao ary fandraisan'andraikitra. Fa ankoatra izany, ho an'ny Province 4, ny fiandohan'ny taona dia manamarika ny fanombohan'ny telo taona ho an'ny mpitondra vaovao. Fotoanan'ny fanamby lehibe ho antsika tsirairay.

Ny ASSEMBLEE GENERALE

Samy nanaraka tamim-bavaka sy am-piandrasana ny fizotran'ny Assemblée générale ianareo, izay natao ny 6-11 oktobra teo tany Buenos Aires. Amin'ny anaran'ny rehetra no hisaorako narareo tamin'ireo firarian-tsoa maro be nalefanareo izay nahatsapanay fa akaiky sy niombona taminay tokoa ianareo.

Araka ny fandrenesako ireo nandray anjara, dia azoko lazaina fa traikefa niaraka tamin'ny Fanahy Masina iny, tao anatin'ny vavaka, ny fandinihana, ny fifanakalozan'ny mpianakavy, ny fifanajàna ary ny fiombonana tao anatin'ny fahasamihafana. Izany dia nanampy anay hiaina tamim-pitoniana teo amin'ny fanaovana discernement izay tokony hiainan'ny Fianakavian-drelijiozintsika ankehitriny, mba hiaina am-pahitsiana sy am-

pahamasinana ilay fiantsoana orionista amin'izao fotoana manan-tantara, sarotra nefa koa misy fahafahana maro be izao.

Ny vokatra faran'ny Assemblée dia tsy taratasy tsotra misy théorie fotsiny, izay mety hitondra amin'ny risika "*hanampy*" ireo teny maro efa be dia be hananantsika. Fa kosa voasoritra mazava ny zotra sy ny lamina ho an'ny telo taona manaraka, ho an'ny PSMC rehetra, izay hanampy antsika ho tonga "*mpianatra-misionera*" *araka ny fomba fiainana vaovao voarakitra ao amin'ny XI*ème *Chapitre général sy ireo fampianarana mitohy omen'ny Fiangonana, amin'ny alalan'ny magistèren'ny Papa François, hanamafisana ny maha-izy antsika araka ny fanomezam-pahasoavana (identité carismatique) amin'ny maha olom-boatokana orionista, ao anatin'ny fahasoavana miavaka entin'izao fankalazana ny faha-100 taona niorenantsika izao"*[1].

Dia tonga eo amin'ny famolavolana izao lamina izao isika, taorian'ny fandinihana tsara sy discernement teo amin'ireo zava-misy samy hafa tamin'ny alalan'ireo Assemblée provinciale sy régionale, mba hanolorana amin'ny Fianakavian-drelijiozy manontolo izay zotra mifanaraka amin'ireo filàna sy ireo faniriana hitambarana sy manokana. Ankoatra izany, ny Assemblée dia nanoritra toetra fototra vitsivitsy izay tokony ho tazonina mandritra ny fanentanana isan'ambaratongany amin'izao telo taona izao: ny dimension sponsale de notre VC, ny fiofananana ho amin'ny fahafahana, amin'ny discernement, amin'ny fahaizana manapa-kevitra sy manao projet, ny "*fanorenana indray ny Voadin'ny fitiavana*" (IVème Voeux), ny "*firongatry ny halemem-panahy*", ny fiverenana amin'ny loharana niavian'ny fanomezam-pahasoavana, ny fizàrana sy fahaizana mamaky ireo fanambaran'ny fotoana, ny localisation ny PAI sy ny fanomezana aina ny Fanentanana momba ny Fiantsoan'Andriamanitra[2].

Efa napetra ny hetaheta, indrindra eo amin'ny tokony "*hametrahana fototra tsara*" ireo rafitra tena maika sasantsasany, mba ho tanteraka ny fanovàna sy fanavaozana ny fomba fiainan-tsika, dia tsy inona fa: ny **fiofananana** amin'ny ambaratonga rehetra, ny **fanentanana (animation)**, ny fanampiana ny tsirairay (**accompagnement personnalisé)** sy ny fanomezana aina ny fiainam-panahy (vie spirituelle), amin'ny fijerena amin'ny lafiny rehetra, mahita ao amin'ny zavatra rehetra indray ny tena sy manan-danja indrindra izay ananan'ny "*valin-teny"* sy ny *"fandraisan'andraikitry*" ny tsirairay amintsika.

Izao no voalaza ao amin'ny Vokatra faran'ny Assemblée: "tena fototra ny "fanapahan-kevitra" sy ny firaiketan'ny PSMC tsirairay amin'i Krsity, ny fitondran-tena araka ny ***halemem-panahy-docibilitas*** ao amin'ny Fanahy Masina ... ny fahaizana "**manadino izay efa hay**" mba "**hianarana**" ny zava-baovao atoron'ny Fanahy Masina amin'izao vanim-potoana manan-tantara izao[3].

Ary farany, ny Assemblée générale dia nankato ihany koa ireo soson-kevitra azo tanterahina izay mitodika amin'ny Conseillères générales sy ireo Conseillères provinciales/régionales, mba hampidirina ao amin'ny Projet mandritra ny telo taona 2015-2017, manana ny tanjony dia ny fanentanana sy ny fanatanterahana ny zotra sy ny lamina.

Ny Vokatra faran'ny Assemblée manontolo dia ho hitanareo miaraka amin'ity taratasy ity ary ho fitaovana iray ho vakina sy ho halalinin'ny rehetra, samy irery sy miaraka.

NY FIAVIANA "FOTOANA MESIANIKA"

Nandinika momba ny zava-misy iainantsika ny Assemblée générale: ny fiovàna antrôpôlôjika misy dia efa hitantsika, tsy amin'ny fomba fijery mahita ny lafy ratsiny foana na

[1] Assemblée générale des PSMC 2014, Buenos Aires, octobre 2014: Document final, *objectif*.

[2] Cf. Document final de l'Assemblée générale des PSMC 2014, octobre 2014: *le cœur de l'itinéraire,* et *les structures prioritaires à «refonder»*.

[3] Document final de l'Assemblée générale des PSMC 2014, octobre 2014: *L'attitude personnelle.*

manakorontana anefa, fa toy ny tombom-pitiavana tokana atolotry ny Fitondran'Andriamanitra antsika, mba hamelombelomana ny fiantsoana orionista ao amintsika sy hanomezantsika endrika ny fisiana sy ny apôstôla, izay afaka manome valiny ny olona sy ny fiaraha-monina amin'izao androntsika izao.

Amin'ny maha-zanak'i Md Luigi Orione tanteraka antsika, "*amin'izao fotoan-tsarotra, fotoana misy zava-doza mananontanona maro izao dia aoka isika tsy hitsahatra na oviana na oviana ny hanome ohatra mazava eo amin'ny fitiavana vokatry ny fo, ny fanekena tanteraka, ny fitiavana ny Fiangonana sy ny Papa*"[4].

Izany no fitondran-tena tokana azontsika hananana manoloana ireo zava-misy samy irery sy any amin'ny ankohonam-piainana ary ny Province na Délégation any, manoloana ireo zava-misy manodidina antsika any amin'ny apôstôla, eo amin'ny asa, eo anivon'ny olona sy ireo mahantra.

"*Orionista*" isika. "*Tsy anisan'ireo mpanakorontana izay mino fa ho tapitra rahampitso izao tontolo izao ... Hanana lanitra vaovao sy tany vaovao isika ... vanim-potoana lehibe iray efa ho tonga, nohon'ny famindram-pon'i Jesoa Kristy Tompontsika sy nohon'ny fitalahoan-dreny avy amin'i Masina Maria. Fotoan-dehibe iray no tazako manangasanga, fa tsy miorina ambony fasika: andry iray mamirapiratry ny fitiava-namana no miseho izay miorina eo ambonin'ilay fitiavana miharihary, eo ambonin'ny Fiangonana, eo ambonin'ny vatolampy tokana, mandrakizay, tsy mihontsona*: *"petram autem erat Christus*"[5].

Amin'ny maha-"*orionista*" no handraisantsika izao fotoana manan-tantara izao miaraka amin'ireo fahazavana sy aloka entiny, ny hery sy ny fahalemena, amin'ny fo lehibe sy feno fanantenana, toy ny "**fotoana mesianika**" izay mitondra ilay Tenin'Andriamanitra ao am-"bohoka". Tonga eo amin'ny Fiaviana amin'ny fotoana "*vaovao*" sy "*tokana aman-tany*" isika, fotoan'i Kristy, ny fandreseny ao amintsika sy amin'ny rehetra, tonga eo amin'ny fotoana izay hanirian'ny rehetra "*hivondrona ao amin'i Kristy*"!

Fa amin'ny maha-"*orionista*" ihany koa dia fotoana "*famoretana tanan'akanjo*" sy fiitadiavana ny fomba rehetra hanavaozana ny fiainantsika manokana voalohany indrindra, mba hahatsapàn'ny tena voalohany ny "*zava-baovao*" entin'ny Fanahy Masina, ka handraisan'ny tena ny filazàn'ny Anjely amin'izao fotoana izao ao amintsika aloha toy ny tamin'i Masina Maria, te "*hiteraka*" an'i Kristy.

Avy eo, manao izay azo atao mba ahafahan'ny "zava-drehetra sy ny olon-drehetra" mahatsapa ny fitiavana sy ny famindram-po ary ny famonjena izay tian'i Jesoa homena antsika indray amin'ny fetin'ny Noely. Hoy i Mompera Orione manohy an'izany: "*Fa amin'izao vanim-potoana izao, amin'izao halehibiazana fa tsy hita ho fandresen'ny Fiangonan'i Kristy izao, vitsy isika, fa kosa tsy maintsy* ***mitondra ny anjara birikin'ny fiainantsika manontolo****: ireo izay eo amintsika dia tsy maintsy karakaraintsika, hafainganinana amin'ny vavaka tsy an-kiato, amin'ny penitansy, amin'ny sakrifisy ary amin'ny fanovàna ny finoantsika, ny fiainantsika ...*"[6].

Noho izany, dia "*tsy azontsika atao intsony ny miaina izao androntsika ankehitriny izao miaraka amin'ireo fetrany, ireo sakana, ravarava toy ny fotoana efa "tsy misy intsony", fa ho toy ny fotoana mesianika, apôkaliptika, toy ny fotoan'ny jery todika goavana, sy fanadiovana hatramin'ny fotony. Raha ny tena izy, ny tsirairay amintsika dia sivana velon'ny fiainana manokana, ny fiainan'ny Ankohonana, ny fiainan'ny Fiangonana ary ny kolotora. Izay zotra izay anefa etsy andaniny, araka ny zavatra fahita matetika, dia mitaky fandalinana sy fanatanterahana zotram-piofanana vaovao, izay manampy antsika hahay hanatanteraka*

[4] Ecrits, 94, 121.
[5] Ecrits, 103, 274 ; de Buenos Aires, 3 juillet 1936.
[6] Idem, Don Orione.

ilay discernement mitohy eo amin'ireo fombantsika (fisainana sy fitondran-tena) izay angamba arak'izao tontolo izao sy efa maty sy izay mbola misy lanjany ho an'ny ho avy"[7].

Ny Fiaviana dia "fotoana mesianika" izay iarahantsika amin'ny maha Fianakaviana reijiozy antsika, hanaovana an'izay "*vérification*" sy "*révision*" ary "*purification*" ny fiainantsika manokana sy ny an'ny Ankohonana izay; fotoana handresena ireo tahotra sy hery manohitra ao anaty sy ety ivelany ka hisokatra toa an'i Maria amin'ny zavatra "*tokana aman-tany*" sy ny "*zava-baovao*" tian'Andriamanitra hateraka ao amintsika; fotoana "*manan-danja ho an'ny ho avy*" izay manosika hanome toerana ny "*voary vaovao*" sy i Kristy ao amintsika. Fotoana hanomezam-pahafahana ny Fanahy Masina hanatanteraka ny misterin'ny Fahatongavana ho nofo ao amintsika tsirairay sy ireo Ankohonam-piainantsika; fotoana "*hijerena tsara*" mba hahitana sy hanombohana indray: "*mijery lavitra eo amin'ny fiainantsika sy izao fotoam-piandrasantsika izao. Mijery tsara mandritra ny alina mba hahalalana indray ilay jiro izay manazava sy mitantana, mijery tsara ny lanitra mba hahalalana indray ireo famantarana tsy fahita amin'ny ny tso-drano ho an'ny fahamainantsika. Miari-tory am-pahamalinana sy fitalahoana, matotra amin'ny finoana*"[8].

Ny Fiaviana dia tsy inona fa ilay "*rivo-piainana*" tsy roa aman-tany hametrahana ny fontsika sy ny fanahintsika amin'ilay "*fitodihana mesianika*" izay manana fomba fijery mevelatra fa am-pitokisana sy am-panantenana ary amin-kerim-po.

Ny Fiaviana dia fotoam-pisokafana, fotoanan'ny hamoram-po, fotoam-piovàna, fotoam-panadiovana an-kafaliana: "*mankahery antsika am-pitiavana i Papa François mba hanohy ny dia haingana sy an-kafaliana: tantanan'ny Fanahy Masina fa tsy miridiridy na oviana na oviana, tsy mikombona mihitsy fa misokatra mandrakariva amin'ny feon'Andriamanitra izay miteny, manokatra, mitarika, ary manasa antsika hanana fijery mivelatra*"[9].

AO AMIN'NY SEKOLIN'I MARIA

"*Ry Maria, Ianao no varavaran'ny Fiaviana*", hoy ny tonon-kira, Reny sy mpitarika eo amin'ny làlan'ny fanadiovana sy fahaiza-mandray izay tianay hizorana. Nandray ny toetran'olombelona ao Aminy ila zavatra tokan'Andriamanitra; ao Aminy no tanteraka ireo fampanantenan'Andriamanitra; ao Aminy, "*Eva vaovao*" no tanteraka ny "*fahariana vaovao*" sy ny fahaterahan'ilay "*Adama vaovao*", dia i Jesoa Kristy, Zanak'Andriamanitra, Zanak'i Maria, anadahintsika.

I Maria no "varavaran'ny fotoana mesianika" satria ao Aminy sy amin'ny alalany no tanteraka ireo fampanantenana, nohon'ny finoany madio, nohon'ny fanantenany tsy azo hozongozonina, nohon'ny fitiavany mamokatra. Ho antsika i Maria, amin'izao fanombohan'ny fotaoanan'ny Fiaviana izao, dia Reny izay manokatra ny fontsika, manazava antsika ny Soratra Masina, mankahery antsika eo amin'ny fahafohizan-tena, manosika antsika hitory sy mampianatra antsika "*hijery tsara*" ireo famantaran'Andriamanitra eo amin'ny fiainana andavanandro ka "*hahalala ao amin'ireo famantarana madinika sy mora simba indray ny fisian'ilay Tompon'ny fiainana sy ny fanantenana*"[10].

Eo amin'ny tànan'i Maria sy ao amin'ny sekoliny no tiako hanasàna anareo handinika sy handalina, manokana sy miaraka, ireo zavatra anankiroa tena misy dikany eo amin'ny lamina, izay natolotry ny Assemblée générale antsika rehetra, ary tena ilaina tokoa amin'ny

[7] Relation de la Supérieure générale pour l'Assemblée générale, Buenos Aires, octobre 2014, cf. M. Guzzi, Idem p. 82-83.

[8] «*Scruter*», Deuxième lettre de la CIVCSVA, en préparation à l'Année de la Vie consacrée, octobre 2014, Introduction.

[9] «*Scruter*», La vigile veillé, la prophétie de la vigilance.

[10] «Scruter», La vigile veillé, la prophétie de la vie selon l'Evangile.

fanomanana ny fontsika, mba hiainana izao Fiaviana izao toy ny "*fotoana mesianika*" mankany amin'ny fankalazàna ny Nahaterahan'i Jesoa.

Ireo zavatra roa ireo dia tsy inona fa: "*ny fitiava-namana*" sy ny "*halemem-panahy*"; mifamatotra amin'ny rivo-pankalazana ny Noely izy ireo: **i Jesoa Zazakely no ilay fitiavana sy halemem-panahin'ny Ray ho an'ny olombelona rehetra**. Ny fetin'ny Noely dia fetin'ny fitiavan'Andriamanitra izay tonga manakaiky antsika, satria ny fitiavana marina dia "*fanakaikezana*" sy "*fangorahana*" ary "*halemem-panahy*". Hafatra azo tsapain-tànana entin'ny Noely.

Araka izany dia tsy manana fomba hafa tena tsara hiomanantsika amin'izao Mistery lehibe izao isika, toy ny fanokafana ny fontsika sy ny tànantsika, mandritra izao fotoanan'ny Fiaviana izao, amin'ny "*fitiava-namana*" sy ny "*halemem-panahy*"; amin'ny tànan'i Maria no hidirantsika ao amin'ny maha Renin'Andriamanitra azy, amin'ny fandraisana ao amintsika ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny fanolorana ny ftiavana sy ny halemem-panahin'Andriamanitra amin'ny olon-drehetra toa azy, ampiharina amin'ny alalan'ireo fihetsika am-pitiavana, fahafohizan-tena, hamoram-po ary halemem-panahintsika.

Noho izany dia ao amin'io Sekolin'i Maria io sy miaraka Aminy, no hianarantsika misokatra voalohany indrindra amin'ny fandraisana sy fanaovana traikefan'izay fitiavana sy halemem-panahin'Andriamanitra izay ao amintsika. Tsy mora amintsika mandrakariva ny "mamela ny tenantsika ho tiavin'" Andriamanitra, "manaiky" ho kolokoloiny, ho safosafoiny, mijanona, izany hoe, "*tsy manao n'inon'inona*" sy "*mankafy*" ny fanakaikezany, sy ny halemem-panahiny. Amin'ny toriteniny iray izay i Papa François dia niteny hoe: "*Tia antsika aminkalemem-panahy ny Tompo. Mahalala ny fanafosafoana tsara Izy. Ny helemem-panahin'Andriamanitra dia: tsy mitia amin'ny teny fa kosa manakaiky ary amin'izay fipetrahany eo akaikintsika izay no hanomezany antsika ny fitiavany miaraka amin'ny halemem-panahy araka izay azo atao*". Fanakaikezana sy halemem-panahy izany "ireo toetran'ny fitiavan'ny Tompo, izay manakaiky sy manolotra ny fitiavany manontolo eny fa na dia amin'ny zavatra farany bitika indrindra aza fa amin-kalemem-panahy". Ny resahina eto dia "*fitiavana matanjaka. Satria ny fanakaikezana sy ny halemem-panahy dia mampiseho ny herin'ny fitiavan'Andriamanitra … izay mbola sarotra nohon'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny famelana ny tenantsika ho tiaviny! Dia izao no fomba hanomezana fitiavana betsaka Azy indray: manokatra ny fo sy manaiky ho tiavina. Avela hanakaiky antsika Izy, atao tsapa ny maha-akaiky Azy. Avela halemy fanahy sy manafosafo antsika Izy*". Hoy ny Papa namarana azy " *Tompo ô te ho tia Anao aho, nefa ampianaro ahy ilay siansa saotra, ilay fahazarana sarotra hamelana ny tena ho tiavinao, ny fandrenesana Anao eo akaiky sy ny fahatsapàna ny helemem-panahinao*"[11].

Ry rahavavy malala, iza no mahalala raha ny tsy fahampian'izay "*fanekentsika*" ho tiavina sy ny "*fahatsapàna*" isanandro ny halemem-panahin'Andriamanitra izay dia tsy ampy kely koa ny hafaliana "*hitia*" ny hafa sy ny "*fanekentsika*" hotiavin'ny hafa, manomboka amin'ireo rahavavy ao amin'ny Ankohonam-piainantsika. Ny mazava dia hoe: "*tsy misy afaka manome izay tsy hananany*", marina sy manan-kery mandrakariva izany teny izany.

Amin'ny fiainana ny Fitiavana eo amin'ny fiainana andavanandro, no hamelantsika ny fiainantsika ho amin'ny fitiavana, ny fikolokoloana, ny halemem-panahy. "Namokatra" i Maria satria namela ny tenany hotiavina, namela ny tenany fa tsy niridiridy tamin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny halemem-panahiny, ary taorianan'izay "*famelany ny tenany*" izay no lasa "*inty aho*!", tonga nofo tao Aminy ny Teny, ka nahatonga Azy ho mpiara-manavotra, fitiavana sy halemem-panahy ho an'ny olon-drehetra.

Fa mbola ao amin'izay Misterin'ny Fahatongavana ho nofo izay, dia Andriamanitra mihitsy no manolo-tena amintsika toy Ilay "*mitia*" sy toy Ilay "*manaiky ho tiavina*", manaiky

[11] Pape François, Méditation matinale dans la Chapelle de la *Domus Sanctae Marthae, Le difficile science de l'amour, vendredi, 7 juin 2013*.

ho kolokoloina, manaiky ho tambatambazana sy ho safosafoina ao amin'ny fahakelezan'ny zaza vao teraka. Ny herin'ny fitiavana sy ny famindram-po ary halemem-panahy dia mahay manasitrana ireo ratra tena lalina sy tena maharary ao amin'ny anadahy, ny rahavavy, ao amin'ny olo-miaina. Ny zava-misy sasantsasany dia mety ho voaavotra sy voatsabon'ny fitiavana irery: "*ny fitiavana ihany no hahavonjy an'izao tontolo izao*"; ny traik'efam-pitiavana an'Andriamanitra no nahatonga an'i Mompera Orione, ho fitiavana tsy am-bava fotsiny, fa azo tsapain-tànana sy iainana.

Hoy i Papa François: "*raha tsy misy famindram-po, dia kely ny fahafahana miditra ao amin'ny tontolon'ny "ratra" izay mila ho azo tsara, mila famelàna sy fitiavana. Noho izany dia tsy reraka mihitsy aho miantso ny Fiangonana manontolo amin'ny "**Firongotran'ny halemem-panahy***" [1212]. Ny Noely izay omanintsika hiainana, dia ilay fomba *hidiran*'Andriamanitra amin'ny alalan'i Maria "*ao amin'ny tontolon'ny ratra*": ny fitiavana manontolo, ny famindram-po rehetra sy ny halemem-panahin'Andriamanitra, dia ao amin'i Jesoa Zazakely no hahitantsika azy.

Ry Rahavavy malala, ho hezahintsika amin'ity Fiaviana ity ny hahatonga nofo eo amin'ny fiainantsika ***ireo fihetsika maneho fitiavana sy halemem-panahy azo tsapain-tànana***. Hovaintsika ny zava-misy manodidina antsika amin'ny alalan'ny herin'ireo fihetsika madinika aseho amin'ny fitiavana, ny famindram-po, ny fifampikolokoloana: "*ny fitehirizana dia mitaky fahalalaham-po, mitaky ny fiainana azy amin-kalemem-panahy ... halemem-panahy lehibe, izay tsy hatsaram-panahin'ny osa fa ny mifanaohitra amin'izany aza, ambara hoe herin'ny fanahy sy fahaiza-mijery ny hafa, fangorahana, fisokafana marina manoloana ny hafa, fahaiza-mitia. Tsy tokony hatahotra ny fahalalaham-po sy ny halemem-panahy isika!"*[13].

Hatomboka amintsika izay "***firongatry*" n'ny fitiavana sy halemem-panahy** izay, ka ho hitantsika ny hafaliana lalina izay avy amin'ny **fahalalaham-po** atolotra sy raisina, ho fohazintsika ny **hatsarà**n'ny firahalahiana, hankalazaintsika am-**pahamarinana** ny Noely, ho toy ny fotoam-pifamelàna sy fanavotana, toy ny fotoana mesianika, fotoanam-paminaniana.

- **Manasa anareo aho** handamina ny fotoananareo na samy irery izany na miaraka amin'izao fotoanan'ny Fiaviana izao, mba handalina miaraka amin'ity fandinihana ity, ny Vokatra faran'ny Assemblée, izay hahatsapanareo ny fifandraisana amin'izay nirin'ny tsirairay sy nambarany tamin'ny Assemblée locale.
- **Manasa anareo** koa **aho** handray an-tànana ny **Actes du XI^{èm} Chapitre général**, indrindra ao amin'ny Décision sur le style de vie N° 20 sy 22 ary ny **Constitutions** art 46, 47, 48, 49. Mandinika ireo andininy ireo sy mizara izay soson-kevitra omen'ny Tompo antsika, miara-mijery izay angatahiny amintsika amin'izao fotoana "*hadinoina izay efa hay*" sy iantsoany antsika "*hianarana*" izao indray.
- **Manasa anareo aho** handray andraikitra marina, tsy hatahotra ny tsara, mba hanolotra fihetsi-pitiavana, halemem-panahy, fikolokoloana sy fangorahana azo tsapain-tànana amin'ireo rahavavy ao amin'ny Ankohonana, amin'ireo rahavavy izay handray andraikitra vaovao any amin'ny Provinces sasantsasany, amin'ireo laika miara-miasa amintsika, amin'ireo olona iantefan'ny asa apôstolika ataontsika.

[12] Pape François, Visite «Ad Limina Apostolorum» des trois Presuli de la Conférence Episcopale Timorense, 17 mars 2014.

[13] Pape François, Homélie durant la Sainte Messe au commencement de son ministère pétrin, Place Saint Pierre, 19 mars 2013.

Amin’izay, amin’ity Noely ity dia havelantsika ho tonga nofo sy ho teraka ao amintsika indray i Jesoa, ary amin’ny alalantsika no hanolorany ny tenany ho an’izao tontolo izao indray.

Mirary soa ny rehetra aho hanao zotra tsara amin’izao Fiaviana izao, mirary Noely mahafinaritra, tony sy am-pirahalahiana ary Taona vaovao 2015 manan-karem-pahasoavana sy mamokatra ao anatin’ny fankalazana ny faha-100 taona niorenan’ny Fikambanantsika sy ny taona ho an’ny Fiainam-boatokana.

Miombom-bavaka, ary manao veloma anareo amin’ny anaran’ny Conseillères générale.

Ny rahavavinareo:



Sr. M. Mabel Spagnuolo
Supérieure générale

Buenos Aires, 1 novambra 2014.
Fankalazana manetriketrika ireo Olomasina.